


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fitahiana amin'ny Lafiny Rehetra

Natao ho fanozonana i Jesosy mba hahafahantsika miditra amin’ny fitahiana.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Tiako ny hamerina hijery ny Galatiana 3:13–14, satria tiako horaisinao izany.

> "Kristy efa nanavotra anay tamin'ny ozon'ny lalàna ... mba ho tonga amin'ny jentilisa ny fitahiana an'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, ary mba horaisintsika amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy."

Fa inona ilay “fitahiana an’i Abrahama”? Tsy mila manombantombana momban’izany isika, satria voambara manokana ao amin’ny Soratra Masina izany.

> “Ary Abrahama dia efa zokiolona sady nandroso fahanterana; ary ny Tompo efa nitahy an’i Abrahama tamin’ny zavatra rehetra.” (Genesisy 24:1)

Ity andinin-teny ity dia mety hilaza aminao fa nivezivezy tamin’ny tehina i Abrahama, nefa milaza fotsiny izy io fa “efa zokiolona sady nandroso fahanterana” izy. Miharihary fa tsy nivezivezy tamin’ny tehina izy satria, taona maromaro tatỳ aoriana, dia nanao dia lavitra nankany amin’ny Tendrombohitra Moria izy ary niverina indray. Inona no atao hoe “fitahiana an’i Abrahama”? Notahina “tamin’ny zava-drehetra” i Abrahama, ka mandrakotra ny zava-drehetra ilay fitahiana. Amin’io lafiny io dia nilaza i Paoly fa tsy maintsy mandray ny teny fikasan’ny Fanahy amin’ny alalan’ny finoana isika. Mino aho fa midika izany fa amin’ny alalan’ny fandraisana ny Fanahy Masina ihany no ahafahantsika mandray ny fitahiana. Ny Fanahy Masina no mpitantana ny lovantsika rehetra.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa mandray amin’ny alalan’ny finoana ny fampanantenan’ny Fanahy Masina—“ny fitahiana an’i Abrahama,” izay mandrakotra ny lafiny rehetra amin’ny fiainako—satria natao ozona i Jesosy mba hidirako ho any amin’ny fitahiana, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-123-MLG

Nohavaozina farany: 09 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis